Nanetry Tena Izy Rehefa Nanarina

Davida sy Batseba—Fizarana 2

Toromarika: Mifidiana toerana mangina, dia vakio ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy hoatran'ny hoe teo mihitsy ianao, ka henonao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona tantaraina ao.
Mpandray anjara: Davida sy Natana
Famintinana: Nanao fahotana lehibe i Davida. Voavela ny helony nefa tsy maintsy nizaka ny vokatry ny nataony izy.

1 ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY 2 SAMOELA 12:1-24.

Mety ho nanao ahoana ny toetran'i Natana? _____

_____

Mety ho nanao ahoana ny toe-peon'i Natana rehefa nilaza an'ilay fanoharana momba ny lehilahy mahantra sy ilay ondrivavy kely izy? _____

_____

Niova ho nanao ahoana ny toe-peon'i Natana rehefa nanazava ny dikan'ilay fanoharana izy ao amin'ny andininy 7-9? _____

_____

2 FAKAFAKAO ILAY TANTARA.

Mety ho nieritreritra be i Natana talohan'ny niresahany tamin'i Davida. Nahoana?

_____

Araka ny hevitrao, nahoana i Natana no nampiasa an'io fanoharana io mba hampisaintsainana an'i Davida? _____

_____

Inona no nataon'i Natana mba hahatonga saina an'i Davida hoe tsy nety ny nataony, ary nahoana izany no tsara kokoa noho ny hoe noterena hibebaka fotsiny i Davida? _____

_____

_____

Hoatran'ny hoe vetivety dia navelan'i Jehovah ny helok'i Davida. (*Vakio indray ny andininy 13.*) Inona anefa no hitan'i Jehovah ao amin'ny olona ka tsy hitantsika? _____

_____

_____

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Araka ny hevitrao, nahoana no ara-drariny ny sazin'i Davida? (*Vakio indray ny andininy 10-12, 14.*)

3 AMPIHARO IZAY NIANARANAO.

Soraty eto izay nianaranao momba an'ireto:

Ny fanetren-tena.

Ny vokany rehefa manao ratsy.

Ny famindram-pon'i Jehovah.

4 ERITRERETO IZAO:

Inona no efa nibedesana ahy?

Inona avy no mbola tokony hataoko mba ho mora anarina kokoa aho?

Raha anarina na bedesina aho, nahoana izany no mampiseho hoe tian'i Jehovah aho? (Vakio ny Hebreo 12:5, 6.)

Inona amin'io tantara io no tena hitako hoe mahasoa ahy? Nahoana?

Soso-kevitra: Eritrereto izay mety ho nitranga raha tsy niaiky ny fahadisoany i Davida ary nitady hanasazy an'i Natana mihitsy. Mety ho ahoana indray hozy i Jehovah? Soraty izay eritreretinao.

JW.ORG™

Azo alaina ao amin'ny www.jw.org/mg ity PDF ity

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania